



**TRANSPARENCY  
INTERNATIONAL  
INITIATIVE  
MADAGASCAR**



**BOKY TOROLALANA**

# **FANANAN-TANY, INONA NO TOKONY HO FANTATRA?**



**MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA  
NY REPOBLIKA MISAHANA NY TETIKASAN'  
NY FILOHAM-PIRENENA, NY FANAJARIANA  
NY TANY ARY NY FAMPITAOVANA**

**BIRAO MAHALEOTENA  
IADIANA AMIN'NY KOLIKOLY  
(BIANCO)**



**2018 (Dika Voalohany)**

## TENY FAMPIDIRANA

Anisan'ny mitarika ny kolikoly ny tsy fahafantarana ny paik'ady arahina mikasika ny fikarakarana ireo antotan-taratasin-tany eny anivon'ny sampan-draharaha misahana ny fananan-tany, ka mety mitondra any amin'ny fanararaotana maro isan-karazany.

Efa fisorohana sahady ny kolikoly ny fahafantarana ireo pitsopitsony mikasika ny didy aman-dalàna mifehy ny fananan-tany.

Ity boky torolanana ity dia natao mba entina hanampiana ny vahoaka tsy ankanavaka amin'ny fanantaterahina ireo paik'ady arahina entina hikarakarana ireo antotan-taratasin-tany sy hiarovana arak'izay ny zon'ny amin'ny taniny amin'ireo fomba maro samihafa izay lazain'ny Didy aman-dalàna manankery.

Zo fototra ny zo fananan-tany ary antoky ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena, zava-dehibe ny fampahafantarana azy ho an'ny vahoaka eny ifotony.

Izao vokatra izao dia vokatry ny fiaraha-miasa eo amin'ny Foibem-pitondrana misahana ny Sampan-draharahan'ny Fananan-tany sy ny Fandrefesan-tany sy ny fikambanana Transparency International Initiative Madagascar ary ny BIANCO.

### Nandrafitra:

Danielle **HAINGONAVALONA**, Inspecteur des domaines

### Mpanampy :

Hajanirina Paulin **RANDRIA ARSON**, Chargé de Programme  
Ressources Naturelles et Foncier TIIM

Bienvenu **TSIVOZAHY**, Coordonnateur de Programme TIIM

Faly **RALAIMANAMPISOA**, Chef de Division Education-Prévention Branche Territoriale  
Antananarivo (BIANCO)

### Nanao ny sary :

**RAMANITRA** Herinoro Sedera Andrinarisoa

### Nanaingo :

**ANDRIAMINAH** Romuald Omer

## FIZAHAN-TAKELAKA

INONA NO ATAO HOE ZO FANANAN-TANY? .....	7
INONA AVY IREO KARAZAN-TANY MISO ETO MADAGASIKARA? .....	8
IZA AVY NO AFAKA MANGATAKA TANY ETO MADAGASIKARA? .....	10
KARAZAN-TANY AZO ANGATAHINA .....	11
AZO ATAO NY MANGATAKA FAMPANOFANA TANY .....	11
NY KARAZAN'OLONA AFAKA MAHAZO MAIMAIM-POANA IREO TANIM- PANJAKANA AZO AMIDY .....	12
AIZA NO TOERANA HATONINA REHEFA HIKARAKARA NY TARATASY MIKASIKA NY FANANAN-TANY? .....	12
NY SAMPAN-DRAHARAHANA MANDREFY TANY .....	13
NY SAMPAN-DRAHARAHANA MIKASY NY FANANAN-TANY .....	13
INONA NY POROFO ARA-DALANA MANAMARINA NY ZO AMIN'NY TANY ETO MADAGASIKARA? .....	14
<b>I. NY FOMBA FAHAZOAN'NY OLON-TSOTRA TANY .....</b>	<b>15</b>
INONA AVY IREO DINGANA ARAHINA REHEFA HANGATAKA TANIM- PANJAKANA SY AHAZOANA NY BOKIN-TANY? .....	16
INONA AVY IREO DINGANA AHAZOANA NY KARATANY? .....	25
<b>II. NY KADASITRA .....</b>	<b>29</b>
NY FAHAZOANA TARATASY FANAMARINANA FANANAN-TANY VITA KADASITRA NA TITRA (CERTIFICAT DE SITUATION JURIDIQUE) .....	32
<b>III. TSARA HO FANTATRA REHEFA HIVIDY TANY VITA TITRA NA VITA KADASITRA .....</b>	<b>34</b>
INONA NO ATAO RAHA HIVIDY TANY EFA VITA TITRA NA KADASITRA? .....	35
<b>IV. NY TSARA HO FANTATRA REHEFA HAMINDRA TANY VITA TITRA NA KADASITRA: LOVA, VAROTRA, TAKALO....SY NY FANORATANA ISAN-KARAZANY .....</b>	<b>36</b>
FOMBA FAMINDRANA TANY MANONTOLO VITA TITRA NOVIDIANA .....	37
FAMINDRANA AMPAHANTANY VITA TITRA NOVIDIANA .....	38
FAMINDRANA TANY VITA TITRA NOLOVAINA .....	39
FAMINDRANA TANY VITA TITRA NOZARAINA .....	40
FAMINDRANA TANY VITA TITRA NATOLOTRA .....	41

FANGATAHANA LALANA (SERVITUDE DE PASSAGE) .....	42
FANORATANA NA FANAFOANANA SORATRA FAMPAHAFANTARANA ADY MIKASIKA NY TANY (PRÉNOTATION) .....	43
FANGATAHANA BOKIN-TANY FAHAROA (SECOND DUPLICATA) .....	44
FAMINDRANA TANY AMIN'NY ALALAN'NY «PRESCRIPTION ACQUISITIVE».....	45

V. NY ASA VOKARIN'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY  
FANDREFESAN-TANY..... 46

FANAOVANA “PLAN REGULIER” : .....	47
FITSIRIHANA NY TOERANA .....	47
FANATSATOHAM-BATO (BORNAGE) .....	48
PLOF (PLAN LOCAL D'OCCUPATION FONCIÈRE).....	48
FANGATAHANA SARI-TANY .....	49
FANGATAHANA FANAFAHANA AMPAHAN-TANY AO ANATIN'NY TANY LEHIBE IRAY (PROJET DE MORCELLEMENT ET LOTISSEMENT) .....	49
FANGATAHANA FAMERENANA TSATO-BATO SY FARITRA (RÉTABLISSEMENT DE BORNE).....	49

## FANALAVANA TENY

- BIF :** Birao Ifotony Fananan-tany
- CSJ :** Certificat de situation juridique
- DGSF :** Direction Générale des Services Fonciers
- DST :** Direction des Services topographiques
- DDPF :** Direction des Domaines et de la Propriété Foncière
- DAGFD :** Direction d’Appui à la Gestion Foncière Décentralisée
- PLOF :** Plan Local d’Occupation Foncière
- SRAT :** Service Régional de l’Aménagement du Territoire
- TIIM :** Transparency Intenational Initiative de Madagascar



## INONA NO ATAO HOE ZO FANANAN-TANY?

### 1. NY ATAO HOE ZO FANANAN-TANY

Ny zo fananan-tany dia Zo feno manamarina fa tompon'ny tany ara-dalàna ny olona iray ary ahafahany:

- Mampiasa ny tany;
- Mioty ny vokatry ny tany;
- Mivarotra na mangataka antoka amin'ny tany.

### 2. POROFO ARA-DALANA MANAMARINA NY ZO FANANAN-TANY

Io zo fananan-tany io dia mitombona sy voaaro rehefa manana taratasy ara-dalàna ny tompon'ny tany amin'ny alalan'ny fananana **BOKIN-TANY** na **TITRA**, na ihany koa amin'ny alalan'ny fananana **KARA-TANY** izay misoratra amin'ny anarany.

### 3. TOMBOTSOA AMIN'NY FANANANA TITRA NA KARA-TANY

Ny fananana ny **TITRA** na ny **KARA-TANY** dia ahafahana miaro ny zo fananana ny **TANY** ary ahafahana manao asa maro toy ny:

- Varotra;
- Antoka;
- Fanolorana;
- Fifanakalozana;
- Fandovana ...

Ireo izay manana antotan-taratasy toy ny taratasy fifampivarotana na taratasy fandovana tany na taratasy fifanarahana na ihany koa taratasy fandoavan-ketra amin'ny tany dia tsy milaza fa tompon'ny tany ara-dalàna fa kosa azo ampiasaina izy ireny ho porofo entina ahazoana tany ary entina ho porofo angatahana ny tany eny anivon'ny sampan-draharaha misahana ny fananan-tany (Biraò manokana misahana ny fananan-tany sy fandrefesan-tany sy ny Biraò ifoton'ny Fananan-tany).

Entina hiarovana ny zo fananan-tany ny fananana **TITRA** na **KARA-TANY MANOLOANA IREO MIKASA HAKA TANY MBA HO AMPIASAINY**.

### 4. ADIDY SY ANDRAIKITRY NY TOMPON'NY TANY ARA-DALÀNA MANANA TITRA NA KARA-TANY

Ireo manana Titra sy Kara-tany anefa dia tsy maintsy manohy ny asa fanamaintisamolaly satria azon'ny Didy aman-dalàna esorina aminy ny zony raha toa ka tsy ampiasainy ny


tany izay misoratra aminy ary antoka iray ahazoana onitra ny fananana Titra na Kara-tany raha toa ka ilain'ny Fanjakana ny Tany anaovana asa ho tombotsoan'ny Daholobe (ohatra: fanaovana lalana na fotodrafitr'asa fampandrosoana maro isan-karazany)

Ilaina ihany koa ny fitehirizana tsara ireny Titra sy Kara-tany ireny izay porofo entina manamarina ny zo fananan-tany. Ilaina izy ireny rehefa misy fanoratana ny zo ny tompoan'ny tany raha toa ka misy ny fandovana, varotra, fangatahana antoka, ady tany eny amin'ny fitsarana....

## INONA AVY IREO KARAZAN-TANY MISY ETO MADAGASIKARA?

### TANIM-PANJAKANA

**Tany ampiasain'ny be sy ny maro ary ho tombotsoan'ny olona rehetra:**  
lalana, renirano, sisin-dranomasina....



### **Tanim-panjakana azo amidy:**


Tany misoratra amin'ny Fanjakana sy ny tany tsy misy tompoany mbola tsy nisy nampiasa mihitsy (sisindranomasina, nosy, nosy kely, tany lava volo...)



## TANIN'OLON -TSOTRA

Tanin'olon-tsootra vita Titra na kadasitra

Tanin'olon-tsootra tsy vita titra, tsy vita kadasitra nefa misy fisitrahana



### TANY MANANA SATA MANOKANA

**Tany manana sata manokana:** tany misy ala, kijana, tany voatokana hanaovana famantsiam-bola isan-karazany, faritra arovana...



## IZA AVY NO AFAKA MANGATAKA TANY ETO MADAGASIKARA?

Ny olon-tsootra mizaka ny zom-pirenena Malagasy ary feno 18 taona (eny fa na dia ny zaza vao teraka aza, saingy soloin'ny rainy na ny reniny tena).



Ireo orinasa, fikambanana samihafa, fiangonana mijoro ara-dalàna sy ara-panjakana.

Ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.



Ireo ministera isan-tokony.



**Ny vahiny (fanofana tany) :**  
olon-tsotra na fikambanana na orinasa.



*Fananan-tany miady amin'ny kolikoby:*

*mampitovy lenta ireo sokajin'olona mangataka tany eto  
Madagasikara*

## NY KARAZAN-TANY AZO ANGATAHIN'IREO SOKAJY IREO DIA:

- Ny tany rehetra misoratra amin'ny Fanjakana Malagasy;
- Ny tany rehetra lava volo tsy vita titra, tsy vita kadasitra;
- Ny tany rehetra misy fanamaintsamolaly ary tsy vita titra ary tsy vita kadasitra.

## AZO ATAO NY MANGATAKA FAMPANOFANA TANY AMIN'NY:

- Tany be velarana tsy manan-tompo tanim-panjakana;
- Ampahany amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy;
- Ny nosy sy ny nosy kely.

## NY KARAZAN'OLONA AFAKA MAHAZO MAIMAIM-POANA IREO TANIM-PANJAKANA AZO AMIDY:

Ireo tanim-panjakana azo amidy **eny ambanivohitra ary tsy mihoatra ny 10 hektara** dia afaka azo maimaim-poana izany hoe tsy misy vidin-tany aloha amin'ny Fanjakana Malagasy ho an'ny:

1. Tantsaha mpamboly na mpiompy ary asa foto-pivelomany ny fambolena na fiompiana eo amin'ny tanim-panjakana;
2. Mpiasam-panjakana sivily sy miaramila nahavita asam-panjakana nanditry ny 20 taona;
3. Mpianatra avy amin'ny Ivon-toerana fampiofanana ny asa manodidina ny fambolena.

## AIZA NO TOERANA HATONINA REHEFA HIKARAKARA NY TARATASY MIKASIKA NY FANANAN-TANY?

### 1. NY BIRAO IOMBONAN'NY FANANAN-TANY SY NY FANDREFESAN-TANY ENY ANIVON'NY DISTRIKA

#### Karazan-tany iandreketany:

- Tanim-panjakana;
- Tanin'olon tsotra vita titra na vita kadasitra.

#### Asa sahaniny:

- Fandraisana ny fangatahana ny tanim-panjakana sy fikirakirana ny antotan-taratasy ary manome ny Bokin-tany (Titra);
- Famindrana ny Bokin-tany: fandovana, fanolorana, varotra, takalo, antoka....

Misy sampan-draharaha maromaro eo anivon'ny Birao iombonana misahana ny fananan-tany sy ny fandrefesan-tany:



## NY SAMPAN-DRAHARAHА MANDREFY TANY

- Manao ny sari-tany maneho ny tany angatahina (plan régulier);
- Mametraka amin'ny toerany ny tany iray ao anaty sari-tany mitambabe (plan de repérage);
- Manao tsato-bato;
- Mitahiry sy manome ny sari-tany ilain'ny mpila raharaham-panjakana;
- Manao ny “Plan Local d’Occupation Foncière”;
- Manao “expertise” rehetra mikasika ny refin-tany;
- Manao ny asa fandrefesan-tany rehetra takian'ireo sampan-draharaha hafa: fanajariana ny tany, asa vaventy...;
- Mamaritra ny faritra arovana (aires protégées) sy ireo tany manana sata manokana .



Sampan-draharan'ny fananan-tany sy Fandrefesan-tany Mahajanga



*Fananan-tany miady amin'ny kolikoly:*

*Mampahafantatra ireo toerana tokony hatonina rebefa bikarakara ny taratazin-tany*

## NY SAMPAN-DRAHARAHА MIKAJY NY FANANAN-TANY

- Manome ny Bokin-tany;
- Manoratra ny zo azo avy amin'ny fifampivarotana, fifanakalozana, antoka, fanovana anarana...

## 2. NY BIRAO IFOTON'NY FANANAN-TANY ENY ANIVON'NY KAOMININA

Karazan-tany iandreketany:

Tanin'olon-tsotra tsy vita titra, tsy vita kadasitra nefa misy fanajariana

Asa sahaniny:

- Fandraisana fangatabana amin'ireo tany misy fanajariana ary tsy vita titra na tsy vita kadasitra, fikirakirana ny antotan-taratasy sy fanomezana Kara-tany;
- Famindrana ny Karatany: fandovana, fanolorana, varotra, takalo....



## INONA NY POROFO ARA-DALANA MANAMARINA NY ZO AMIN'NY TANY ETO MADAGASIKARA?

Karazany 2 ihany ny taratasy ara-dalàna entina manamarina fa tompo'ny tany ny olona iray: Ny TITRA (Bokin-tany) sy ny KARA-TANY

**TITRA:** azo amin'ireo **tanim-panjakana azo amidy** izay omen'ireo Sampandraharaham-panjakana misahana ny Fananan-tany sy Fandrefesan-tany (Domaine sy Topo) eny anivon'ny Distrika



**KARA-TANY:** azo amin'ireo **tanin'olontsotra tsy vita titra tsy vita kadasitra nefa misy fanamaintsamolaly** izay omen'ireo Kaominina amin'ny alalan'ny Biroa Ifoton'ny Fananan-tany



# I. NY FOMBA FAHAZOAN'NY OLON-TSOTRA TANY


*« Tany, lovan'ny taranaka tsy laroina  
kolikoly »*

## INONA AVY IREO DINGANA ARAHINA REHEFA HANGATAKA TANIM-PANJAKANA SY AHAZOANA NY BOKIN-TANY?

1. FAMETRAHANA FANGATAHANA TANIM-PANJAKANA any amin'ny Birao misahana ny fananan-tany misy ilay tany



2. FAMOKARANA SARI-TANY “Plan régulier” maneho ny faritry ny tany izay ataon'ny mpandrefy tany matihanina, na maka sari-tany ofisialy (plan officiel) ao amin'ny sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany raha efa vita titra na kadasitra amin'ny fanjakana Malagasy ny tany.





### 3. FITILIANA MIALOHA EO ANIVON'NY TOPO

Tsy maintsy misy ny fidinana eny an-toerana raha hanao « plan régulier » izay ialohavana taratasy fiantsoana ho an'ny :

- **Ben'ny tanàna na ny solon-tenany;**
- **Solontena ao amin'ny fokontany;**
- **Ireo tompon-tany mpifanila amin'ny tany angatahana.**

Mba ahafahan'izy ireo manatri-maso sy vavolombelona amin'io asam-panjakana tanterahina io ary manao **fanohanana** raha misy zavatra tsy ekeny ao anatin'ny tany angatahana na ny faritra sy refin'ny tany.



*Fananan-tany miady amin'ny kolikoly:*

*Mampahafantatra ny mpila raharaham-panjakana ireo dingana tokony arahina sy fepetra takiana raha hangataka tany*

4. MAMENO NY TARATASY FANGATAHANA vidina any amin'ny “imprimerie nationale” ampiarahina ny sarin-tany sy MANDOA NY SARAM-PANGATAHANA:

200 ARIARY (CAUTIONNEMENT) ISAKY NY HEKITARA KA 5.000 ARIARY FARAFAHAKELINY.



NY TARATASY REHETRA DIA TSY MAINTSY MISO ROSIA ARA DALANA: MISO NY VOLA NALOA, SONIAN'ILAY NANDRAY VOLA ARY NY FITOMBO-KASE MPANJAKANA

*Tandremo, heloka eo anatrehan'ny lalàna ny fakambola tsy ara-dalana!*



*Fananan-tany miady amin'ny kolikoly:*

*Mampahafantatra ny mpila rabarabam-panjakana ireo dingana tokony arabina sy fepetra takiana raba hangataka tany.*

## 5. FIDINAN'NY VAOMIERA ENY AN-TOERANA HIJERY NY TOETRY NY TANY, NY ZAVA-MISY EO AMINY

Marihina fa ny fanaovana “*plan régulier*” na ny “fidinan’ny vomiera dia iantohan’ny mpangataka avokoa ny sarany ary tsy maintsy misy ny fanatrehan’ny:

- **Ben’ny tanàna na ny solon-tenany;**
- **Fokontany;**
- **Mponina manodidina;**
- **na ireo solon-tenam-pokonolona tokony antsoina.**

TSY MANAFOANA NY ASA ANEFA NY TSY FAHATONGAVAN’IZY IREO RAHA TOA KA NISY IHANY FIANTSOANA ARA-DALANA.

METY HISY NY FAMERENANA NY FIDINANA ENY AN-TOERANA SY FANAOVANA SARI-TANY MIARAKA RAHA MISY NY OLANA.




## 6. FANDINIHAN'NY SAMPAN-DRAHARAHA TEKNIKA NY ANTOTAN-TARATASY HAKANA NY HEVINY

OHATRA RAHA TANY HAMBOLENA DIA ALEFA ANY AMIN'NY « SERVICE DE L'AGRICULTURE » AO AMIN'ILAY TOERANA, RAHA TANY FANORENANA DIA ALEFA ANY AMIN'NY "SERVICE REGIONAL DE L'AMÉNAGEMENT DU TERRITOIRE(SRAT)"



7. FITILIANA SY FIKAJIANA NY REFIN'NY TANY AZO AMIDY indrindra raha nisy fanitsiana sy fanamarihana nataon'ireo sampan-draharaha teknika.



8. FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIALOHA atao'ny manam-pahefana mahefa mahakasika ny fomba sy ny vidy anomezana ny tany



9. FANAOVANA TSATO-BATO SY FANAFAHANA NY TANY AMIN'NY ANARAN'NY FANJAKANA MALAGASY ALOHA



10. FANDOAVANA NY VIDIN'NY TANY ataon'ny mpangataka sy FANAOVANA SONIA NY TARATASY FIFAMPIVAROTANA, ny mpangataka sy ny solontenampanjakana



11. FANDOAVANA NY SARA ENY ANIVON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA




12. FANORATANA NY ZO AMIN'NY BOKIN-TANY.



*Ny fanajan'ny mpila raharabam-panjakana ireo dingana arabina sy ny fe-potoana fanatanterabana ny asa eny anivon'ny Fananan-tany dia fandraisana anjara sabady amin'ny ady amin'ny kolikoly.*

## 13. FANOMEZANA NY TITRA NY TOMPONY.



*Samy heloka eo anatrehan'ny lalàna: na ny manome, na ny mandray kolikoly. Koa samia mandray andraikitra iadiana amin'izany, na ny mpila raharam-panjakana, na ny mpiasam-panjakana.*




## INONA AVY IREO DINGANA AHAZOANA NY KARATANY?

1. FAMETRAHANA FANGATAHANA KARATANY eny anivon'ny Birao Ifoton'ny Fananan-tany



2. FANDRAISANA NY FANAPAHANA MIKASIKA NY FITSIRIHINA IFOTONY ataon'ny Kaominina :

Famaritana ny fotoana hidinan'ny vaomiera voatendry hitsirika ny tany



### 3. FAMPAHAFANATARANA NY FANGATAHANA

Amin'ny alalan'ny peta-drindrina mandritra ny 15 andro eo anivon'ny Kaominina sy ny Fokontany misy ilay tany angatahana

Fampahafantarana ny tany angatahana amin'ny alalan'ny peta-drindrina mandritra ny andro



### 4. FIANTSOANA NY VOKASIKA HANATRIKA NY FITSIRIHINA IFOTONY: ny mpangataka, ny vaomiera, ny mpifanila ny tany sy ireo izay mety ho mpanohana



## 5. FITSIRIHANA IFOTONY izay hijerena ny mombamomba ny tany

Ny vomiera voakasika:

- Ny Ben'ny Tanana na solontenany;
- Ny Lehiben'ny Fokontany na solon-tenany;
- Ny Ray amandreny voafidy.



## 6. FANDRAISANA FANOHANANA:

Azo raisina ny fanohanana raha vao tafapetraka ny fangatahana ka hatramin'ny 15 andro aorian'ny fitsirihina ifotony

- Fandravonanana ny fanohanana mandritry ny fitsirihana ifotony;
- Eo anivon'ny Filankevitra kaominaly raha tsy voavaha mandritry ny fitsirihina;
- Eny anivon'ny Fitsarana raha misy ny tsy fanekena ny didy navoakan'ny Filan-kevitra ny Kaominina.



*Asa madio, lavitry ny kolikoly*

*Mpila raharham-panjakana manara-dalàna*

*Antoky ny fampandrosoana sy fahatonian-tsaina*

7. FAMITANA NY KARATANY IZAY SONIAVIN'NY BEN'NY TANANA



8. FANOMEZANA NY KARATANY



## II. NY KADASITRA

*Asa vita tsara ao anatin'ny mangarahara : Antoky ny asam-panjakana hanomezana fabafaham-po ny vahoaka*

## 1. INONA NY ATAO HOE KADASITRA?

Inona moa izany kadasitra izany?

Ny kadasitra dia fomba iray hanomezana Titra faobe amin'ny toerana voafaritra mazava tsara izay fanapahan-kevitra ny Fanjakana mba entina hiarovana ny zo amin'ny tany

Iza no tompon'andraikitra?

- Ny Fitsarana mitety Vohitra no tompon'andraikitra manatanteraka ny asa fanomezan-jo fanana-tany amin'ny alalan'ny Kadasitra;
- Ny Fitsarana miteny Vohitra dia sampan-draharaha eny anivon'ny Biroa Iombonan'ny Fananan-tany sy Fandrefesan-tany eny anivon'ny Distrika.

Inona ny asan'ny Fitsarana mitety vohitra?

- Fitsarana sy Famoahana didim-pitsarana manome zo fananan-tany amin'ny tany rehetra izay tafiditra ao amin'ny faritra voakasiky ny kadasitra ;
- Famoahana fanamarinana fananan-tany sy kopian'ny didim-pitsarana amin'ny tany kadasitra ka ny taratasy ilaina amin'izany dia :
  - Dika mitovy voamarina ny karam-panondrom-pirenena;
  - Sokajy, rejisitra, takelaka ;
  - Taratasy fangatahana (*imprimé*).

Inona ny dingana arahina amin'ny fitsarana ny Tany ataon'ny Fitsarana mitety vohitra?

1. Manao fangatahana fitsaran-tany ao amin'ny biraon'ny fitsaran-tany mitety vohitra;
2. Fampahalalàna ny besinimaro amin'ny alalan'ny peta-drindrana any amin'ny biraon'ny kaominina sy ny fokontany ny fotoam-pitsarana ary antsoina ny olona rehetra voakasika amin'io tany io hanatrika ny fotoam-pitsarana;
3. Fotoam-pitsarana voalohany atrehan'ny mpangataka sy ny mpanohana raha misy, sy ny solontenan'ny kaominina misy ny tany;
4. Fidinana eny an-toerana ;
5. Fotoam-pitsarana manaraka ;
6. Famoahana didim-pitsarana ;
7. Fampahafantarana didy amin'ny alalan'ny fanolorana an-tànana ho an'izay voakasika sy amin'ny alalan'ny peta-drindrana ;
8. Raha misy tsy fahafaham-po amin'ny didy navoakan'ny fitsaran-tany mitety vohitra dia manana fe-potoana iray (01) volana ny tsy afa-po hampiakatra amin'ny fitsarana ambony mahefa (*Cour d'Appel*).

Ny tsara ho fantatra mikasika ny famadihana ny didim-pitsarana ho Titra?

Ny Didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana Mitety vohitra dia tokony avadika ho Bokin-tany any amin'ny Sampan-draharahan'ny Fananan-tany.



**EH ! AOK'IZAY NY KOLIKOLY, MAMPAHANTRA MAMPAHORY !!!!!**

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
Famadihana ny Kadasitra ho Titra	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Taratasy fanamarinana ny fananan-tany (lasaky ny telo volana);</li> <li>2. Fanamarinana natao araka ny voalazan'ny didimpitsarana raikitra Kadasitra na didy navoakan'ny Fitsarana misy soratra hoe: « <i>Pour immatriculation</i> »</li> <li>3. Taratasy fangatahana « <i>Immatriculation</i> »</li> <li>4. Taratasy fiantohana voasonia sy voamarina;</li> <li>5. Sari-tany roa (02) ampiarahana amin'ny fangatahana.</li> </ol>	Sampandraharahan'ny Fananan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Sarampanoratana:50.000 Ar</li> <li>2. Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>3. Fanoratana ny fetran'ny tany sy ny ao anatin'ny: 15.000 Ar</li> </ol>

## 2. FANGATAHANA ORIGINE DE PROPRIETE

Ny “origine de propriété” dia angatahina amin’ny tany anaty faritra kadasitra;

Io no manoritra ny mombamomba ny parisely kadasitraly araka ny voarakitra ao amin’ny fitanana an-tsoratra natao nandritra ny fanatsatoham-bato faobe na tambabe ho an’ny tany vita kadasitra;

Azo angatahina eo anivon’ny Mpikajy ny Fandrefesan-tany izany amin’ny alalan’ny taratasy fenoina ahitana ny laharan’ny parisely.

**TSY MAHASOLO CERTIFICAT DE SITUATION JURIDIQUE NY ORIGINE DE PROPRIETE**, ka noho izany, **TSY AZO LAZAINA HO TOMPON-TANY NY OLONA VOASORATRA AO ANATY ORIGINE DE PROPRIETE** ary **TSY TOKONY AMPIASAINA ANAOVANA FIFANARAHAM-BAROTRA IHANY KOA.**

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARAINA AZY	SARA ALOA
Origine de propriété	Fangatahana misy ny laharan’ny parsely, ny sokajy ary ny toerany	Sampan-draharahan’ny Fandrefesan-tany misy ilay tany	5000 Ariary

### NY FAHAZOANA TARATASY FANAMARINANA FANANAN-TANY VITA KADASITRA NA TITRA (CERTIFICAT DE SITUATION JURIDIQUE)

Azon’ny olon-drehetra angatahina eny anivon’ny Sampan-draharaha amin’ny fananan-tany ny Fanamarinana tany vita titra na kadasitra raha tiana ho fantatra ny mombamomba ny tany iray: *ny tompony, ny toerana misy azy, ny babeny, ny vesatra amin’ny tany raha misy (ohatra hoe misy antoka ve)*



TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
<p>TARATASY FANAMARINANA FANANAN-TANY VITA KADASITRA NA TITRA</p>	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Dika mitovy voamarina ny karam-panondrom-pirenena;</li> <li>2. Laharan'ny «titra» sy anaran'ny tany; <ul style="list-style-type: none"> <li>• raha kadasitra: toerana misy azy, ny sokajy (<i>section</i>), laharan'ny parsely, ny registra ary ny takelaka (<i>folio</i>).</li> </ul> </li> <li>3. Taratasy fangatahana (<i>imprimé</i>).</li> </ol>	<p>Sampan-draharahan'ny Fananan-tany misy ilay tany</p>	<p>2000 ariary na mihoatra arakaraka ny isan'ny olona misoratra ao sy ny vesatra misoratra ao .</p>

III. TSARA HO FANTATRA  
REHEFA HIVIDY TANY VITA  
TITRA NA VITA KADASITRA

*Fananan-tany lavitry ny kolikoly,  
fanoitran'ny fampandroasoana ifotony*

## INONA NO ATAO RAHA HIVIDY TANY EFA VITA TITRA NA KADASITRA?

- Hamarinina tsara aloha raha manana vita titra na kadasitra marina ilay olona hivarotra;
- Hamarinina tsara fa olona voasoratra ao anatin'ny « Certificat de Situation Juridique - CSJ » latsaky ny telo volana ny olona hivarotra ary izy irery ihany no tompony, na ireo tompony hafa dia samy manaiky ny hivarotra daholo;
- Raha tsy izy irery no misoratra ao fa ny ray aman-dreniny efa maty dia asaina manao famindrana araka ny lova aloha izy (mutation par décès), raha maro no misoratra ao amin'ny bokin-tany na kadasitra dia asaina manao fizarana aloha izy (partage), rehefa tsy ny rehetra misoratra ao no hanao ny fampivarotana. RAHA TSY IZANY dia lasa ianao no miantsoroka ny fanaovana ireo rehetra ireo;
- Raha manambady ara-dalàna ilay olona misoratra ao amin'ny titra, eny fa na dia ny iray amin'ny mpivady ihany aza no misoratra ao amin'ny titra dia TSY MAINTSY miaraka manao sonia ny mpivady hivarotra (biens acquis pendant le mariage), na manao fanamafisana (ratification) ilay vady tsy voasoratra ao anaty titra;
- Tsy tokony hatao mihitsy koa izany ny mividy tany mbola eo an-dàlana ny fangatahana azy satria tsy fantatra raha ho azon'ilay mpangataka te-hivarotra na tsia ilay tany;
- Alohan'ny hividy ny tany dia angatahana eo anivon'ny fanajariana ny tany aloha ny fepetra ara-panajariana rehetra sy ny fanomezan-dalana hivarotra na hanavaka ny tany (prescription d'urbanisme et autorisation de transaction ou de morcellement), «certificat de situation juridique» sy sari-tany (plan) misy «coordonnées labordes» no entina mangataka izany.

IV. NY TSARA HO FANTATRA  
REHEFA HAMINDRA TANY  
VITA TITRA NA KADASITRA:  
lova, varotra, takalo....sy ny  
fanoratana isan-karazany

## FOMBA FAMINDRANA TANY MANONTOLO VITA TITRA NOVIDIANA

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
FAMINDRANA TANY VITA TITRA NOVIDIANA	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Taratasy fifampivarotana tsotra sy misy ny fanamarinana fa nandoa ny sara hetra eny anivon'ny sampan-draharahan'ny hetra:               <ol style="list-style-type: none"> <li>a. misy sonia voamarina teo anivon'ny kaominina</li> <li>b. na natao teny amin'ny mpirak-iteny mpanato soratra (<i>acte notarié</i>),</li> <li>d. na nataon'ny teny amin'ny delegem-panjakana na chef d'arrondissement administratif (<i>acte authentique</i>),</li> </ol> </li> <li>2. Sari-tany.</li> <li>3. Taratasy momba ny fanajariana (prescription d'urbanisme), milaza hoe azo anorenana ve sa tsia ohatra io tany io? azo afindra? izay alaina any amin'ny “<i>Service Régional de l’Amenagement du Territoire (SRAT)</i>”.</li> <li>4. Fangatahana voasonia, ary lazaina ao ny anaran'ny vady raha manambady.</li> <li>5. Taratasy fiantohana milaza fa tsy misy hosoka io fifampivarotana natao io, voasonia ary nohamarinina ny sonia, (<i>lettre d’engagement signée et légalisée</i>).</li> </ol>	Sampan-draharahan'ny Fananan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Saram-panoratanana:2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra ara-panjakana</li> <li>2. Saram-panoratanana tsy miova:15.000 Ar</li> <li>3. Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>4. Sazin'ny fahataran'ny fanoratana:10% n'ny saram-panoratanana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

## FAMINDRANA AMPAHANTANY VITA TITRA NOVIDIANA

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
<p>FAMINDRANA AMPAHANTANY VITA TITRA NOVIDIANA</p>	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Taratasy fifampivarotana tsotra sy misy ny fanamarinana fa nandoa ny sara hetra eny anivon'ny sampan-draharahan'ny hetra:               <ol style="list-style-type: none"> <li>a. misy sonia voamarina teo anivon'ny kaominina</li> <li>b. na natao teny amin'ny mpirakiteny mpanato soratra (<i>acte notarié</i>),</li> <li>c. na nataon'ny teny amin'ny delegem-panjakana na chef d'arrondissement administratif (<i>acte authentique</i>),</li> </ol> </li> <li>2. Taratasy momba ny fanajariana (prescription d'urbanisme), milaza hoe azo anorenana ve sa tsia ohatra io tany io, azo afindra sy AZO AVAHANA izay alaina any amin'ny “<i>service régional de l’Aménagement du territoire (SRAT)</i>”.</li> <li>3. Sari-tany miisa 5 voasonian'ny roa tonta, mamaritra ny tany amidy sy ny refiny ka ny iray misy “<i>coordonnées Labordes</i>”</li> <li>4. Taratasy fangatahana roa (02) ka lazaina ao ny anarana tiana omena ilay tany avahana.</li> <li>5. Taratasy fiantohana.</li> <li>6. Mandefa ny antontan-taratasy momba ny tsato-bato (<i>dossier de bornage</i>) sy ny fanavahana any amin'ny TOPO ny ao amin'ny Domaines, manatanteraka ny fikarakarana izany ny mpividy, fidinana eny antoerana amin'ny tsato-bato (<i>bornage</i>), avy eo miverina any amin'ny Domaines ny dossier izay efa misy ny sari-tany navahana miaraka amin'ny refiny sy ny anarana nomena azy ary ny titra vaovao.</li> </ol>	<p>Sampan-draharahan'ny Fananantany misy ilay tany</p>	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Saram-panoratana:2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra aram-panjakana</li> <li>2. Saram-panoratana tsy miova:15.000 Ar</li> <li>3. Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>4. Sazin'ny fahataran'ny fanoratana:10% saram-panoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

## FAMINDRANA TANY VITA TITRA NOLOVAINA

Ireo mpandova rehetra ny maty izay tompon'ny tany voalazan'ny taratasy fanamarinana maha mpandova na Didim-pananana no manatanteraka ny famindrana ny tany amin'ny anarany.

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
FAMINDRANA TANY VITA TITRA NOLOVAINA	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Fanamarinana fananan-tany;</li> <li>2. Kopian-pahafatesana (<i>acte de décès</i>) an'ilay olona misoratra ao amin'ny titra, alaina any amin'ny kaominina na ny tribonaly;</li> <li>3. Fanamarinana maha mpandova (<i>acte de notoriété</i>) an'ilay maty, alaina any amin'ny delegem-panjakana (<i>chef d'arrondissement administratif</i>) na ny "notaire";</li> <li>4. Fanamarinana fandoavana tombam-pananana (<i>certificat des droits de mutation par décès</i>), alaina eny amin'ny biraon'ny hetra;</li> <li>5. Taratasy fiantohana, titra na kadasitra;</li> <li>6. Raha nanambady ilay olona maty nisoratra tao amin'ny bokin-tany ka fananana novidiana nandritra ny fanambadiana, dia AFAKA manoratra ny lalàna mifehy ny fananana iombonana ilay vady (<i>inscription du droit de communauté au profit du conjoint survivant</i>), amin'izay fotoana izay ny an-tsasany no soratana aminy fa ny an-tsasany kosa misoratra amin'ireo mpandova (<i>ohatra ny zanany</i>);</li> </ol> <p>IREO ANTONTAN-TARATASY Hafa mety ILAINA:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Didim-pananana (<i>testament</i>);</li> <li>- Kopia fananganan-jaza (<i>acte d'adoption</i>);</li> <li>- Fanamarinana anarana (<i>certificat d'individualité</i>); . . .</li> </ul>	Sampan-draharahan'ny Fananan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Saram-panoratana: 2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra aram-panjakana</li> <li>2. Saram-panoratana tsy miova: 15.000 Ar</li> <li>3. Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>4. Sazin'ny fahataran'ny fanoratana: 10% saram-panoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

## FAMINDRANA TANY VITA TITRA NOZARAINA

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARAINA AZY	SARA ALOA
FAMINDRANA TANY VITA TITRA NOZARAINA	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Taratasy fanamarinana fananan-tany latsaky ny telo (03) volana (CSJ);</li> <li>2. Fangatahana fanoratana misy ny datin'ny andro nampidirana ny fangatahana ary soniavin'ny mpangataka;</li> <li>3. Taratasy fizarana (<i>acte de partage</i>) natao teo anivon'ny kaominina na navoakan'ny tribonaly voamarina sy voarakitra ara-panjakana ao amin'ny sampan-draharahan'ny hetra (ivonketra) (<i>enregistré</i>);</li> <li>4. Sari-tany mirakitra fizarana voamarina sy voarakitra ara-panjakana;</li> <li>5. Fanamarinana ara-drafi-panajariana alaina any amin'ny SRAT ho an'ny fanavahana (<i>prescription d'urbanisme et autorisation de morcellement</i>);</li> <li>6. Taratasy fanomezan-pahefana na fanamarinana hafa raha ilaina;</li> <li>7. Taratasy fiantohana voasonian'ny mpangataka (<i>lettre d'engagement signée et légalisée</i>);</li> <li>8. Titra na kadasitra;</li> <li>9. Alefa any amin'ny TOPO tahaka ny teo aloha tamin'ny varotra ampahany (<i>vente morcellement</i>) ny antontan-taratasy, satria tsy maintsy misy ny fanavahana (<i>morcellement</i>) ao aorian'ny fizarana (<i>partage</i>).</li> </ol>	Sampandra-harahan'ny Fananan-tany sy fandrefesan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Sarampanoratana:2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra aram-panjakana</li> <li>2. Sarampanoratana tsy miova:15.000 Ar</li> <li>3. Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>4. Sazin'ny fahataran'ny fanoratana:10% sarampanoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>



## FAMINDRANA TANY VITA TITRA NATOLOTRA

Ny olona izay nomena ny tany dia tsy maintsy manaiky ny fanolorana izay natao azy ary voarakitra mazava tsara anaty taratasy fanolorana izany.

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARAINA AZY	SARA ALOA
FAMINDRANA TANY VITA TITRA NATOLOTRA	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Fanamarinana fananan-tany latsaky ny 3 volana (CSJ);</li> <li>2. Fangatahana fanoratana misy ny datin'ny andro nampidirana ny fangatahana ary soniavin'ny mpangataka</li> <li>3. Taratasy fanolorana sy fanekena handray voamarin'ny vaditany na ny tompon'andraikim-panjakana (<i>officier public</i>) mahefa;</li> <li>4. Sari-tany roa (02) ampiarahana amin'ny taratasy voamarina sy voarakitra ara-panjakana (raha misy fanavahana);</li> <li>5. Fanamarinana ara-drafi-panajariana alaina any amin'ny SRAT;</li> <li>6. Fanomezam-pahefana na taratasy fanamarinana raha ilaina;</li> <li>7. Taratasy fiantohana voasonian'ny mpangataka sady voamarina (taratasy fenoina alaina aty amin'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany);</li> <li>8. Titra na kadasitra.</li> </ol>	Sampan-draharahan'ny Fananan-tany sy fandrefesan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Saram-panoratana:2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra aram-panjakana</li> <li>2. Saram-panoratana tsy miova:15.000 Ar</li> <li>3. Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>4. Sazin'ny fahataran'ny fanoratana:10% saram-panoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

## FANGATAHANA LALANA (SERVITUDE DE PASSAGE)

### Ny Fahazoan-dalana (servitude de passage)

Ny tompoñ'ny tany izay tsy manana lalana hivezivezena na tsy ampy hivezivezena amin'ireo lalana, na hatao lalan'ny fiara na sarety dia afaka mifanaraka amin'ireo tompoñ-tany manodidina azy mba hanome lalana azy.

Tsy maintsy mitombona sy voamarina izany filana lalana hivezivezena izany ary mitaky fifanarahana amin'ireo tompoñ'ny tany voakasika.

Mila raketina an-taratasy ny fifanarahana fanomezan-dalana ary voafaritra mazava tsara ny habeny ao anatiny sari-tany mba hialana amin'izay mety tsy fifanarahana any aoriana.

Ny fanomezan-dalana dia midika fa misy ampahany amin'ireo tany vokasika ireo natokana hatao hivezivezena.

Raha toa ka mitranga ny tsy fifanarahana eo amin'ireo tompoñ-tany voakasika dia ny Fitsarana irery ihany no afaka mamaritra izany lalana hivezivezena izany.

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARAINA AZY	SARA ALOA
FANGATAHANA LALANA	<ol style="list-style-type: none"> <li>Fifanarahana voamarina ara-dalana sy voarakitra ara-panjakana na Didimpitsarana raikitra;</li> <li>Sari-tany roa (02) voamarina ara-dalana sy voarakitra ara-panjakana na ampiarahana amin'ny Didimpitsarana raikitra;</li> <li>"Papier chemise" roa (02) (<i>Chemises cartonées</i>).</li> </ol>	Sampandra-harahan'ny Fananan-tany sy fandrefesan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>Saram-panoratana:2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra aram-panjakana</li> <li>Saram-panoratana tsy miova:15.000 Ar</li> <li>Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>Sazin'ny fahataran'ny fanoratana:10% saram-panoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

## FANORATANA NA FANAFOANANA SORATRA FAMPAHAFANTARANA ADY MIKASIKA NY TANY (PRÉNOTATION)

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARAINA AZY	SARA ALOA
Fanoratana na fanafoanana soratra fampahafantarana ady mikasika tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Fangatahana fanoratana misy ny datin'ny andro nampidirana ny fangatahana ary soniavin'ny mpangataka;</li> <li>2. Didim-pitsarana raikitra;</li> <li>3. Taratasy fanamarinana ny tsy fisian'ny fampiakarana;</li> <li>4. Taratasy fanamarinana fananan-tany;</li> <li>5. Bokin-tany na kadasitra ( tsy voatery);</li> <li>6. Taratasy fanamarinana hafa mety ilaina;</li> <li>7. "Papier chemise" iray (01) (<i>C.bemise</i>).</li> </ol>	Sampan-draharahan'ny Fananan-tany sy fandrefesan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Saram-panoratana:2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra aram-panjakana</li> <li>2. Saram-panoratana tsy miova:15.000 Ar</li> <li>3. Sazin'ny fahatan'ny fanoratana:10% saram-panoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

## FANGATAHANA BOKIN-TANY FAHAROA (SECOND DUPLICATA)

Raha toa ka very na tsy hita intsony ny Bokin-tany any amin'ny tompon'ny tany na any amin'ireo taranany ary voamarina fa tsy eny anivon'ny Sampan-draharahan'ny fananan-tany izany bokin-tany izany dia azo atao ny mangataka ny fanomezana Bokin-tany faharoa eny anivon'ny Fitsarana ary ny Fitsarana no mamoaika ny Didy mikasika ny famoahana ny Bokin-tany faharoa izany entina eny anivon'ny Sampan-draharaha amin'ny fananan-tany mba ahafahany manome izany amin'ny mpangataka.

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARAINA AZY	SARA ALOA
FANGATAHANA BOKIN-TANY FAHAROA	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Taratasy fanamarinana fananan-tany latsaky ny 3 volana (CSJ);</li> <li>2. Fangatahana fanoratana misy ny datin'ny andro nampidirana ny fangatahana ary soniavin'ny mpangataka;</li> <li>3. Didim-pitsarana raikitra (<i>Grosse de jugement ou arrêt</i>);</li> <li>4. Fanamarinana tsy fampiankarana didy (<i>Certificat de non recours</i>);</li> <li>5. "Papier chemise" iray (01) (<i>Chemise cartonnée</i>).</li> </ol>	Sampan-draharahan'ny Fananan-tany sy fandrefesan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Saram-panoratana: 15.000 Ariary</li> <li>2. Sarany Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>3. Sara-panoratana tsy miova: 15.000 Ar</li> <li>4. Sazin'ny fahataran'ny fanoratana: 10% saram-panoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

## FAMINDRANA TANY AMIN'NY ALALAN'NY « PRESCRIPTION ACQUISITIVE »

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARAINA AZY	SARA ALOA
Famindrana tany amin'ny alalan'ny prescription acquisitive	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Taratasy fanamarinana fananan-tany latsaky ny 3 volana (CSJ);</li> <li>2. Fangatahana fanoratana misy ny datin'ny andro nampidirana ny fangatahana ary soniavin'ny mpangataka ;</li> <li>3. Didim-pitsarana raikitra (<i>Grosse du jugement ou de l'arrêt</i>) ;</li> <li>4. Fanamarinana tsy fampakarana didy (<i>Certificat de non recours ou non pourvoi en cassation</i>) ;</li> <li>5. Dika mitovy voamarina ny karam-panondrom-pirenena;</li> <li>6. Taratasy fiantohana voasonian'ny mpangataka sady voamarina (taratasy fenoina alaina aty amin'ny sampan-draharaham-panjakana);</li> <li>7. Didim-pitsarana raikitra mandidy ny hanomezana bokin-tany faharoa;</li> <li>8. "Papier chemise" iray (01) (<i>Chemise cartonnée</i>).</li> </ol>	Sampan-draharahan'ny Fananan-tany sy fandrefesan-tany misy ilay tany	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Saram-panoratana:2% ny sandan'ny tany izay efa voarakitra aram-panjakana</li> <li>2. Saram-panoratana tsy miova:15.000 Ar</li> <li>3. Famoronana Bokin-tany: 10.000 Ar</li> <li>4. Sazin'ny fahataran'ny fanoratana:10% saram-panoratana isam-bolana (manomboka ny faha enim-bolana ny daty nanaovana ny taratasy)</li> </ol>

### Fanamarihana:

- Ny antotan-taratasy ilaina dia mety hiampy arakaraky ny zava-misy;
- Ny saram-panoratana dia miampy sazy 10% isam-bolana manomboka ny volana faha fito aorian'ny nanaovana ny taratasy;
- Raha misy ny fiovan'ny refy na ny faritry ny tany dia tsy maintsy voamarin' ny « *géomètre expert* » izany alohan'ny anomezana ny dika mitovy ny titra (*duplicata*).

# V. NY ASA VOKARIN'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY FANDREFESAN-TANY

« Ireo soatoavina hajain'ny mpiasa »

- Ny *fabamarinana* sy ny *fabitsiana*
- Ny *fanaovana ny ara-dalàna* sy ny *fitondrantena mifanitsy amin'ny lalàna*
- Ny *maha tompon'andraikitra*
- Ny *fikajiana ny maha matihanina*
- Ny *fangabarabana*
- Ny *fitoviana lenta*
- Ny *tsy fitanilàna*
- Ny *fabaleovantena*

## NY FANAOVANA “PLAN REGULIER” :

Ny “plan régulier” dia arafitry ny mpandrefi-tany matihanina izay ampiarahina amin’ny fitanana an-tsoratra (*Procès verbal*) ny faritry ny tany (*Tany tsy vita titra tsy vita kadasitra*).

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
Fanaovana Plan régulier	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Taratasy fangatahana tanim-panjakana.</li> <li>2. Fangatahana atao an-tsoratra.</li> <li>3. Certificat d'immatriculation et de situation juridique - CSJ sy plan raha toa ka efa ananana sari-tany ilay toerana.</li> <li>4. Fidinana an-toerana mandrefy ny faritra tiana angatahana.</li> <li>5. Fitoliana mialoha ny momba ny tany tiana angatahana mba hijerena sao efa tanin'olona vita titra na efa nisy fangatahana mialoha</li> </ol>	Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany misy ilay tany	51.000 Ariary

## FITSIRIHANA NY TOERANA.

Ny fitsirihan-tany dia TSY MAINTSY atrehan'ny Sampan-draharahan'ny Fandrefesan-tany izay:

- Manoro sy manamarina ny toerana sy ny faritry ny tany mandritra ny fitsirihana eny an-tsa-ha amin'ny fangatahana tany (*état des lieux*);
- Mitady ny toerana misy ny tany (*localisation*);
- Manitsy ny sari-tany nampiarahana amin'ny fangatahana;
- Manoritra ao amin'ny sari-tany ny zava-misy rehetra eo amin'ny tany sy ny faritra misy fanohanana (*opposition*) raha misy izany.

## FANATSATOHAM-BATO (BORNAGE)

Atao ny fanatsatoham-bato mba hamantarana ny faritry ny tany.


- Antotan-taratasin'ny fanatsatoham-bato avy amin'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany no ampiasaina;
- Ny mpandrefy tany matihanina (*géomètre expert*) no manatanteraka ny fanatsatoham-bato;
- Fandrafetana ny sari-tany sy fanamarinana ny asa fanatsatoham-bato natao;
- Famerenana amin'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany ny asa vita misy ny sari-tany sy ny fitanana an-tsoratra.



## PLOF (PLAN LOCAL D'OCCUPATION FONCIÈRE)

Ny PLOF dia sari-tany maneho ny satan'ny tany rehetra ao anatin'ny kaominina iray.

Noho izany ny PLOF dia voasokajy isaky ny kaominina ary azon'ny kaominina atao ny manao fangatahana aty amin'ny DST ny mba hanaovana PLOF ho azy ireo.



Miainga amin'io PLOF io no hahafahan'ny BIF mamoka kara-tany sy hahafantarany ny faritra azony handrefesana.

### NY ANTOTAM-BAOVAO EO AMIN'NY PLOF

- Ny sata-tany ;
- Ny toerana misy ilay tany tsirairay;
- Ny haben'ny tany tsirairay ;
- Ny misoratra amin'ny tany tsirairay.



## FANGATAHANA SARI-TANY

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
Fangatahana Sari-tany	- Fangatahana - Raha misy dia sari-tany taloha	Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany misy ilay tany	Kadasitra: 5000 Ar Titra: 7500 Ar

## FANGATAHANA FANAHAHANA AMPAHAN-TANY AO ANATIN'NY TANY LEHIBE IRAY (PROJET DE MORCELLEMENT ET LOTISSEMENT)

Fanavaohana ampahan-tany ao anatin'ny tany lehibe iray:

- Manavaka ny ampahan-tany amidy na anaovana fanolorana (*projet de morcellement*);
- Mizarazara ny tany hanaraka ny lalana sy ny drafi-panajariana (*lotissement*).

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
FANAHAHANA AMPAHAN-TANY AO ANATIN'NY TANY LEHIBE IRAY	- Plan - CSJ - Fangatahana - Papier chemise	Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany misy ilay tany	Araka ny refin'ny tany

## FANGATAHANA FAMERENANA TSATO-BATO SY FARITRA (RÉTABLISSEMENT DE BORNE)

Ny asa dia mikasika ny Tany efa vita KADASITRA na TITRA fa tiana haverina amin'ny toerany teo aloha ireo baorina tsy hita na nisy namindra toerana.

TARATASY KARAKARAINA	TARATASY ILAINA	TOERANA HIKARAKARANA AZY	SARA ALOA
FANGATAHANA FAMERENANA TSATO-BATO SY FARITRA	- Plan - CSJ - Fangatahana - Papier chemise	Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany misy ilay tany	Araka ny refin'ny tany

*“Isika Miaraka no mandresy ny kolikoly”*



## Birao Mahaleotena ladiana amin'ny kolikoly

Villa "La piscine" Ambohibao  
B.P. 399 101 Antananarivo  
+261 22 489 82/ +261 22 459 52

[bianco@moov.mg](mailto:bianco@moov.mg)

[www.bianco-mg.org](http://www.bianco-mg.org)

Facebook: Bianco Madagascar

### TRANSPARENCY INTERNATIONAL – INITIATIVE MADAGASCAR

Villa Huguette (rez-de-chaussée)

 Lot II U 86 – Cité Planton  
Ampahibe  
101 Antananarivo – Madagascar

 +261 (0)20 22 288 73/+261 (0)34 96 418 79

 [contact@transparency.mg](mailto:contact@transparency.mg)

 [www.transparency.mg](http://www.transparency.mg)



**TRANSPARENCY  
INTERNATIONAL  
INITIATIVE  
MADAGASCAR**